# Navotan'i Mr Haja

# Mpiompy omby lasibatry ny dahalo 6


NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 9 febroary 2019 Laharana 872 Vidiny : 400 Ar


**I Korintiana 16: 13-14** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 109), madagasikara 07 febroary 2019


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Fanamarihana ny 7 febroary 2009, Rajoelina** 3

# Mbola filohan'ny TGV fa tsy filohan'ny Malagasy



**CUA - Vokatry ny orambe** 5

# Nanadio avy hatrany ireo lakandrano tsentsina



**FIANAKAVIAN'IREO MATY TENY AMPAMARINANA** 2

## Nisy ny fampaherezana azy ireo tao amin'ny EKAR Mahamasina



**Fahasalamana** 3

## Mampitaraina ny maro ny hopitalim-panjakana

**Tsaratanana** 6

## Olona miisa 3 nalain'ny dahalo an-keriny...

**CENI** 2

## Marisarisa miditra amin'ny lisi-pifidianana ny mpifidy

**Daka kely**

Tsy mendrika ny filohan'ny Malagasy rehetra mihitsy ialahy ry Boaikely a !

**Boriboritany faha-3 (CUA)** 5

## Hoesorina ireo fiara tsy mihetsika intsony mijanona amoron-dalana



FIANAKAVIAN'IREO MATY TENY AMPAMARINANA

## Nisy ny fampaherezana azy ireo tao amin'ny EKAR Mahamasina

Nisy ny fandraisana ny Eokaristia masina, ho fahatsiarovana ny fanahin'ireo 15 mianaka nodimandry tamin'ny loza niseho teo Tsimialonjafy sy Ambanin'Ampamarinana, omaly zoma 9 febroary, sy ho fampaherezana ny fianakavian'ireo niharamboina, tao amin'ny EKAR Masindahy Josefa Mahamasina, notarihin'ny pretra tao an-toerana, ary nafanain'ireo antoko mpihira ao amin'ny boriborintany faha 4. Nanatrika ny fotoana nandritra ny fotoambavaka ny solombavambahoaka teo aloha voafidy tao an-toerana Felix Randriamandimbisoa mivady sy ny mpiaramiasa aminy. Nanambara ity farany fa tokony hisy hoy izy ny fandraisan'andraikitry ny fitondràna amin'ny fanampiana ireo niharamboina satria trano fonenany no ao amin'io toerana io na misy fahazoan-dalana fanorenana izany na tsia, ary mpiasam-panjakàna no maro tamin'izy ireo araka ny angombaovao nataonay teny antoerana hoy izy. Nisy ny famangiana sy fampaherezana ny fianakaviana taorian'ny fotoambavaka.



*Ny lamesa tao amin'ny EKAR Mahamasina.*

***Helisoa***

CENI

## Marisarisa miditra amin'ny lisi-pifidianana ny mpifidy

Nitafa tamin'ny mpanao gazety ireo tompon'andraikitra ao amin'ny CENI, Vaomieram-pirenena misahana ny Fifidianana ny alakamisy teo. Araka ny voatsikaritry ny CENI dia tsy mahafa-po ny fisoratan'ny mpifidy feno 18 taona anarana ao anaty lisi-pifidianana satria kely dia kely ny taham-pitomboana. 1,25 % fotsiny ny taha raha ny eto Antananarivo renivohitra ary 0,23% kosa ny manerana an'i Madagasikara. Nanainga ireo mpisehatra rehetra amin'ny fifidianana, ny mpifidy, ny fiarahamonim-pirenena, ireo fiaraha-monina politika, ireo Fiangonana, ireo haino aman-jery ary ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny fanjakana, araka izany ny CENI mba handraisan'ny tsirairay andraikitra ao anatin'izany. "Aiza daholo ankehitriny ireo olona be dia be nilaza fa tsy tafiditra ao anaty lisi-pifidianana?", hoy ny filohan'ny CENI, Rakotomanana Hery, nandritra ny lahateniny. Na dia izany aza, efa namolavola paik'ady samihafa ny CENI:

- Fandefasana fanentanana eny amin'ireo haino aman-jerim-panjakana sy amin'ireo haino aman-jery mpiaramiasa,
- Fanentanana eny anivon'ny faritra izay tanterahin'ireo mpikambana eo anivon'ny CENI,
- Fiangaviana ireo fiarahamonim-pirenena sy ny antoko politika mba hanentana ny olom-pirenena sy ny mpiara-dia aminy,
- Fidinana ifotony manodidina an'Antananarivo izay hotanterahina amin'ny alatsinainy ho avy izao,
- Fitetezana sekoly sy ireo Oniversite,
- Famoriana ireo sefom-pokontany amin'ny fandrindrana ny fisoratan'ny mpifidy.

Tsy mitarain-tana-miempaka araka izany ny CENI fa miezaka hatrany amin'ireo asa tandrify azy mba hanatsarana ny lisi-pifidianana eto Madagasikara.

Raha ny fahafantarana azy dia noho ny halabato nanjaka tamin'ny fifidianana filohampirenena fihodinana faha-2 sy voalohany ny taona lasa teo no anisan'ny fototr' izao farisarisan'ny mpifidy tsy isoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana izao.



*Ireo mpitarika amin'ny CENI eto Madagasikara.*

***Ny Valosoa***

Bôna AV7

## Lasa diakona tsy fidiny teny Ambohitsorohitra

Nanaitra ny maro ny nahita an-dRafaramandimby Bôna Jean Pierre, na Bôna V7, ny alakamisy lasa teo nandritry ny fanaterana fehezamboninkazo teny Ambohitsorohitra. Teny ivelany mantsy sisa ny lehilahy no nihaodihaody nanao ny asan'ny diakona satria nambarany fa tsy mahazo manatrika ny lanonana intsony izy na dia izy aza no filohan'ny AV 7 izay fikambanan' ireo niharam-boina nanongam-panjakana tamin'ny taona 2009 tamin' izany. Tsy fantatro izay antony hoy izy na ny mpitondra amin'izao fotoana no nandray io fanapahan-kevitra io, na ny olona manakaiky ny mpitondra ankehitriny satria nivadika Hvm mantsy ity mpitarika ny AV7 ity tamin'ny fitondran'ny filoha Hery Rajaonarimampianina teo aloha. Na dia efa vonona tamin'ny akanjo fotsy sy hanatitra voninkazo aza mantsy ny lehilahy dia nihanjahanja fotsiny sisa, ka naleony nanao ny asan'ny diakona teny Ambohitsorohitra. Efa mitohy hatrany mantsy ny antsojay ataon'ny mpitondra ankehitriny raha vao tsy mitovy hevitra aminy fotsiny.



***Rajo***

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Fampandrosoam-pirenena : manomeza modely hotarafin'ny vahoaka

Raha tiana marina ny hanavotra ity firenena ity dia mila miova ny toe-tsain'ny mpitondra, ka hanome môdely ireo mpiara-miasa akaiky aminy sy ireo mpiara-dia aminy aloha. Mbola hita taratra ihany mantsy ny fanjaitram-pamantaranandron'izy ireo mijanona any amin'ny taona 2009. Tsy hahavanona firenena anefa izany fa mila miova mahery vaika. Mila maka tahaka ny nivoarana sy nisandratan'ireo firenena aziatika maromaro, ka mamantatra ny lakilen'ny fahombiazany sy fototry ny nampandroso azy. Hiana-kendry noho ny hafa ny mpitondra ny firenena ankehitriny, ka manao izay mampanofinofy ny vahoaka eto tato anatin'ny fotoana mbola fohy nitondrany. Tsy ho azo ianarana i Rwanda ary tsy ho afaka hihoatra azy isika raha ny foto-pisainana eto, fa aoka handalina tsara aloha ny filohan'ny Repoblika vao milaza ny ohatrana firenena. Tsy ho vitan'ity fitondrana Rajoelina ity velively ny hanaraka ny fomba nataon'ny filoha Paul Kagame, ka nampandroso an'i Rwanda. Mila manome ohatra modely mazava sy hitan'ny vahoaka ny filohan'ny Repoblika raha tiana handroso marina ny firenena. Asa aloha izay mpanolo-tsaina azy ao, ka tsy manoro mazava tsara azy ny antony nampandroso an' i Rwanda. Ary mbola midehaka milaza hatrany fa tsy hisy toa azy ireo filoha rehetra nodimbiasiny, ka izy irery no mirehaka hahavita ny fampandrosoana ny firenena dia toe-tsaina lany andro izany ary tsy hampientana velively ny vahoaka manontolo. Manomeza aloha môdely hotarafin'ny vahoaka, amin'ny fomba fiasa sy ny fomba fitantanam-pirenena mbamin'ny fihetsika amam-pitenenana rehetra. Fa raha mbola ny toe-tsaina tany amin'ny tetezamita no hoentina mitantana ny firenena ankehitriny dia sasara-ko hariva ny andro.

***Sôh'son***

Kaminina Ivato

## Namboarina ireo lalankely hanalàna fahasahiranana ny mponina

Simban'ny orambe sy ny riaka ny ankamaroan'ny lalankely ao amin'ny kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo. Ny mponina tsy avela ho sahirana sy hijaly fa avy hatrany dia atao ny asa fanamboarana ny lalana sy lalankely samihafa ka tsy hiandrasana ny fahavitan'ny fahavaratra izany", hoy ny Ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa.
Manomboka ny asa ao amin'ny Fokontany Ivato K5, Ambodirano ary Ankadindravola. Hitohy amin'ny fokontany hafa izany avy eo.
Mialohan'ny asa dia efa nidina teny an-tanàna nijery imaso ny zavamisy iainan'ny mponina ny Ben'ny tanàna sy ny sampandraharaha teknika. Na hifarana amin'ity taona ity aza ny asan'ny ben'ny tanàna manerana ny Nosy, mitohy hatrany ny asam-pampandrosoana fa tsy misy resaka politika hoy ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa.

***Helisoa***



*Fanamboarana lalankely ao amin'ny Kaominina Ivato.*

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fanamarihana ny 7 febroary 2009, Rajoelina : mbola filohan'ny TGV, fa tsy filohan'ny Malagasy rehetra

Teny an-dapan'Ambohitsorohitra mihitsy no nanatanterahana ny fahatsiarovana ny 7 Febroary 2009. Tsy ny toerana no zava-dehibe satria na taiza izany hetsika izany na taiza no natao dia ny tranga sy ny fototr'iny vono olona mahatsiravina iny no tsara ampahatsiahivina mba tsy hitenitenenana foana sy hiampangana olona tsy nisy nifandraisany tamin'ny toe-draharaha. Tsy vao tamin'io 7 Febroary 2009 io tokoa no nisin'ny rà mandriaka raha io tamin'io taona io iaraha-mahatadidy izay nitranga ny 26 Janoary. Tsy fandrobàna sy doro trano fotsiny no nisy, tao Analakely "Trading Center), teny Ankorondrano, teny Anosipatrana, teny Tanjombato ary tany amin'ny faritra maro manerana ny Nosy, fa nisy ny faty olona, ka am-polony no lasa masikita. Tsy nisy voasambotra na nandalo fitsarana na ny nanao ny asa ratsy na ny atidoha nikotrika (commanditaire) fa nihinana sy nigoka ny halatra tsy nisy nenjehin'ny eritreriny. Tsy ny fanadiovan-tena na ny fanilihana ny andraikitra amin'ny hafa na koa ny nampandaniana ny tena ho eo amin'ny seza fiandrianana no tsy hahavoasaringotra amin'ny heloka natao, fa ny fieken-keloka tamin'ny fandatsahana ny ràn'ny mpiray Tanindrazana. Efa navoaka teto amin'ny gazety ny fijoroana vavolombelona nataon'ny kolonely Randrianasoavina Charles momba ny fihokoana teny Ambatobe, izay tsy vitan'izay ihany fa ny tanjona dia ny fanonganam-panjakana izay nifototra tamin'ny fiampangana ny Filoha am-perinasa tamin'izany Ravalomanana Marc, ho nadatsa-drà. Tsy tongatonga ho azy ny nisamborana sy nampidirana am-ponja ary ny nanapoizinana ny kolonely Randrianasoavina Charles fa tao ny fahatahorana ny marina tsy hitranga. Raha ny fireharehan'ity manamboninahitra ity tamin'izany fotoana tokoa ("ataoko mahalala ny anarako i Madagasikara iray manontolo") noho ny fiarovany an-dRajoelina Andry sy ny tetezamita dia tsy nisy nanampo ireny fijoroana vavolombelona nataony ireny. Izay midika fa tsy afa-miala tamin'ny vono olona teny Ambohitsorohitra tamin'ny 7 febroary 2009 ny filoha Andry Rajoelina ary ny fanaterany voninkazo teny Ambohitsorohitra sy ny fanaovana ny fanamarihana tao an-dapa dia midika fa mbola mihevi-tena ho filohan'ny TGV Rajoelina fa tsy filohan'ny Malagasy rehetra. Ny fitondrana tao aorian'ny tetezamita dia tsy nanamarika loatra ny 7 febroary 2009 satria fantany ny marina, ary fanonganam-panjakana no nisy fa tsy tolom-bahoaka izany. Folo taona aty aoriana, ny alin'ny fianianan'ny filohan'ny Repoblika dia mitranga avokoa izao loza tsy azo eritreretin'ny saina rehetra izao. Tany Atsimo dia nanambara izy fa: "vao lany ho filoha izy dia nirotsaka ny orana". Marina izany satria nirotsaka nihoatra izay nilaina hatrany Avaratra ka hatrany Atsimo saingy, ho an'ny olombelona dia ny faharavana sy fahapotehana (trano fonenana, voly eny an-tsaha) sy ny aina nafohy naterak'izany no nahavaky vava ny vahoaka hoe: "loza inona indray ity"? Notsiahivina ny 7 Febroary ny Alakamisy lasa teo, dibo-drano ny Renivohitr'i Madagasikara ny harivan'io, tsy misy azo hampangaina sy ho samborina ho nikotrika izany satria voa-janahary ny tranga. Tsy voasakana ny fihavian'ny orana, tsy voasakana ihany koa, folo taona lasa izay, ny adian'olona (marais humain) nanani-dapa, maro ny lavon'ny bala "tsy fanta-pihaviana" (tsy avy ao an-dapa) saingy nampangaina ho nanome baiko ny Filoham-pirenena am-perinasa tamin'izany fotoana. Maharary noho ny tamin'ny folo taona lasa ny manjo ny vahoaka tato anatin'ny herinandro vitsivitsy satria ao ireo rava fananana, ao ny namoy ny ainy, ka angamba, "veliranom-bazimba" no natao ary, misy sahady ny pasi-tolaka sy ny fanilihana andraikitra ary ny fanadiovan-tena, ka hatramin'ny tsy manan-tsiny avy no kely ila. Tsy azo vazivaziana ihany koa ilay Mpahary, ka mety ho sazy avy aminy tokoa izao mahazo ny vahoaka Malagasy izao, noho ny zavatra tsy mety ataon'ny mpitondra.

***Andry Tsiavalona***

Fahasalamana

# Mampitaraina ny maro ny hopitalim-panjakana

Mampitaraina ny maro amin'izao fotoana ireo hopitalim-panjakana. Antso avo no atao amin'ny fitondrana hoy ireo mpanao fitarainana. Ampitiavana hoy izy ireo no hitondrana ny hetahetan'ny vahoaka madinika nianjadian'ny fahasarotan'ny fitsaboana marary eny anivon'ny hopitalim-panjakana. Midododoto ny manana marary hamonjy service d'urgence satria tojo ny tampoka tsy mahalehilahy. Nefa rehefa tonga eny dia tsy araka ny tokony ho izy ny fandraisana ny marary, indrindra ireo efa ambivotra ny ainy. Mijerijery tsy sazoka izany ireto mpiasan'ny hopitaly. Efa atao hoe 30 min aorian'ny nahatongavana izay vao misy manoratsoratra carnet. Ny marary amin'io dia miandry ny rariny eo. Tsy mahazo fitsaboana vonjimaika indray io raha tsy tomombana ny kojakoja nampividianana ny marary. Izay tsy manambola ividianana dia mitsipatsipaka eo. Tsy mahamenatra an'ireo mpitsabo mpanampy no mitabataba mangataka ambina seringue na sparadrap. Izay manan-katao dia efa mivavabavaka vao mipetaka ny sérum amin'ny marariny. Fa ireo izay tsy misy ho sarangotina dia miandry ny fahatongavan'ny havany eo hitondra vola. Rehefa tafiditra any amin'ny sampandraharaha isan-tokony kosa, tsy misy valaka amin'izay ny zavamisy. Izay tsy manam-bola dia eo no raisina. Fa ny tena mahavalalanina dia misy karazam-panafody sarotra hita eny amin'ny farmasia. Fa hay ireto dokotera manana ihany. Ampidiriny tsy an-kiera amin'ny mararinao io dia takiany aminao amin'ny vidiny lafo be avy eo. Farany, rehefa maty ilay marary dia alainy moramora ny fanafody mbola lafo vidy, ka izay tsy misy dikany sisa apetrany eo. Mafy loatra ry mpitondra fanjakana ny mianjady amin'ny vahoaka madinika. Ka mba diniho akaiky re ny hanafoanana ny saram-pitsaboana ao amin'ny urgence. Ary mba jereo koa ny momba ireo dokotera mpibizina fanafody mifaly amin'ny fahorian'ny sasany ireo.

***Helisoa***

Solombavambahoaka

# Fitiavan-seza sy vola no mibahana

Sahirankevitra avokoa ireo antoko politika sy fikambanana amin'ny fifantenana ireo solombavambahoaka, ho fidiana amin'ny 27 mey ho avy izao. Ny fahitan'ny maro azy aloha dia lasa atao fitadiavambola ny resaka depiote fa tsy misy izay hoe tena fampandrosoana eny ifotony izay nahalany azy akory, na fijerena ireo vahoaka nifidy e! Raha mikaonty ny vola lanin'ireo mieritreritra ho depiote fotsiny dia efa tena matevitevina ihany satria ny anto-bola aloha mandritra ny fanaterana ny antotan-taratasy filatsahan-ko fidiana fotsiny dia efa mitentina 5 tapitrisa ariary. Ny vola hanaovana fampielezankevitra efa an-tapitrisa maromaro koa hoy ilay tsy mahay manisa izay. Inona izany no tena tombontsoa amin'ny fanaovana solombavambahoaka amin'ny fandaniana mihoa-pampana tahaka izany ? Be loatra ny tombontsoa azon'ireo depiote dia tsy maintsy miketrika satria tsy maintsy ho tafaverina ny mason-karena rehefa tonga eo amin'ny toerana. Diso ihany ny filoha napetraky ny HCC Andry Rajoelina raha nilaza fa ho foanana ny Sénat dia hanaovana Oniversite manarapenitra ny vola karaman'izy ireo. Tsy vahaolana izany fa tokony tsy omena tombontsoa mihoa-pampana ny depiote sy senatera dia izay tena tia tanindrazana ihany no lany ho solombavambahoaka sy senatera. Izao lasa bizina ny ho depiote, ka izay manambola ihany no afaka manao izany.

***Helisoa***

## NY TENY FIAINANA

*Filipiana 4:23*
*Ho amin'ny fanahinareo anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompo.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Mandrora mitsilany ny mponin' Antananarivo amin'ny fanariana fako anaty tatatra



**Napisu Ravelondrambala** : misy tourbillon mihitsy noho ny fahatsentsenan'ny tatatra. Mandrora mitsilany Antananarivo amin'ny fanariana fako any anaty tatatra sy dale. Possible hisy crocodile mandende Am io rano b io an!!

**Sarah Mdi** : mahafaty io aaa, raha latsaka ao tonga dia any dia tsy hita, toy ny triangle de Bermude fa eto indray tourbillon d'Antananarivo.

**Sarindra Natasmane** : zao no tena loza @ le dalle tsis sarony.n aza mibolisatra fa tonga d voasinton'io tourbillon io.mampalaelo? Heverina fa samy ho tonga saina amin'izay ny mponina Antananarivo ka tsy hanary fako etsy sy eroa intsony fa mba amin'ny toerana tokony hasiana azy amin'izay no hanariana fako.

**Julien Ramaroson** : mety hisintona mpizahatany maro ny fisian'io sady mba aleony ny mitaingina Lakana eto andrenivohitra fefa leo taxi.

**Niaina Bernard** : anivondrano, veliranon-dRajoelina mpanongam-panjakana avokoa no nahatonga izao.

**Miora Ralijaona** : na na triangle de Bermudes io e !!!

**Wai Odilon** : tena miova sy mivoatra tokoa eto Dago.manana tourbillon, vokatry ny changement climatique sy fahatsentsenan'ny dale noho ny fako ariana any anaty tatatra no anton'izao.

**Randria Andriamihaja Solofo** : rano mody, velirano modin'ny mpanongam-panjakana Rajoelina.

**Miary'ntsoa Onja Rafidy** : Oayoooooo, vokatry ny loto lasa any anaty dale avokoa no fototr'izao. Aleo mba hataontsika any anaty daban-jaoridira amin'izay ny fako.

## TONONKALO

## Any ianao ry mpaka tahaka

Lalina raha haka tahaka izay raikalahy izay,
Fa dia kabarin`olon-kafa no naveriny aminay.
Tsy misy henatra na tahotra fa nampiaiky izay nandre,
Satria dia tena ny an`ny hafa no natao "kopikole".

Lalina raha haka tahaka izay raikalahy izay.
"Ho tongantsika eto an-tanàna hatramina tramway" !
Dia miandry sady manantena ireo ilay olo-nofitahina.
Notambazam-bola moa ka dia nanjary tena pahina!

Lalina raha haka tahaka izay raikalahy izay.
Ny fahefan`ny mpanjaka no fohaziny eto indray.
"Fanapahan-doha" angamba, miampy "jadona" no heviny.
Hanatrarany ny tanjony sy izay mety ho revireviny.

Lalina raha haka tahaka izay raikalahy izay,
Fa indro niova ho boloky, mpaka tahaka mahay.
Tsy misy zava-tsara anefa, mety mbola andrasana aminy,
Fa fahefana, voninahitra, izay no hany tena maminy.

**DADAN'i ZINA (07-02-19)**

### FOKONTANY 34 AO AMIN'NY BORIBORITANY FAHA-3 (CUA)

## Nisy ny fiofanana momba ny fitantanana ny loza voajanahary (GRC)


Ireo mpiofana momba ny GRC tetsy amin'ny Boriboritany faha-3.

Nisy ny fampiofanana sy fanentanana an' ireo ELS "Equipe Locale de Secours" izay miara-miasa akaiky amin'ny CUA amin' ny fiatrehana ny loza voajanahary ; izay avy ao anivon'ny fokontany 34 ao amin'ny Boriboritany fahatelo. Izany dia notontosaina tetsy amin' ny birao Antaninandro omaly maraina, izay notarihan'ny Lefitra faharoan'ny Delegen'ny Boriboritany, Hery Raliderson sy ny avy ao amin'ny "Poste de Coordination Opérationnelle" ny kaominina Antananarivo Renivohitra avy etsy Anosipatrana, Rasolondrainibe Josias. Ny votoaton' ny hetsika dia ny fampiofanana sy fanentanana azy ireo mikasika ny fiatrehana ny loza voajanahary sy ny fanabeazana ary ny fampahafantarana amin'ny firahamonina misy azy avy, ny zavatra tokony hatao toy ny : - fanomezana vaovao raha misy voina sy loza misy eny anivon'ny Fokontany sy ny fiarahamonina - Fampahafantarana ihany koa raha misy loza manambana na zavatra ahiana hihotsaka na mianjera ohatra (ny trano, vato, tany …) - Ny fampahafantarana ny fisian'ireo trano miorina tsy ara-dalàna mety hitera-doza - Ny fanentanana eny amin'ny fiaraha-monina amin'ny zavatra tokony hataony amin'ny fiatrehana ny loza. -Fandraisana andraikitra ary finiavana eny amin'ny fiarahamonina -Ny zavatra tokony hatao ao anatin'ny fiaatrehana ny loza toy ny tondra-drano, haitrano amin'ny fiantsoana ny mpamonjy voina. - Ny fanamafisana fa aleo very fananana toy izay very aina raha ao anatin'ny ady sarotra - Ny fomba fiatrehana ao anatin'ny loza efa mihàtra eo amin'ny fihariana raha rava fananana. Tsy ao amin'ny boriboritany fahatelo ihany no misy izao hetsika izao fa manerana ny boriboritany 6.

***Serge***

### Boriboritany faha-2 (CUA)

## Manitatra ny trano fiasana ao Ambanidia


Ny fanitarana ny biraon'ny Boriboritany faha-2 ao Ambanidia.

Natomboka omaly ny asa fanitarana ny rihana ambony amin'ny efitrano fanaovana mariazy ao amin'ny boriboritany faharoa, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Ity efitrano fanaovana mariazy ity dia rihana taloha fa nohon' ny fahakelezan'ny toerana iasana ao amin'ny boriboritany ary koa ho fanatsarana bebe kokoa ny kalitaon'ny asa izay omena ny mponin'Antananarivo dia nanapa-kevitra ny tompon'andraikitra fa hitarina ny trano ary hatao birao izany rehefa vita. Natomboka tamin'ny fanalana ny tafo izany asa izany omaly ary tsara marihina, fa fiaraha-miasa amin'ny departemanta misahana ny foto-drafitr'asa amin'ny tanànan'Antananarivo renivohitra (DTP) no anaovana izany.

***Helisoa***

### Boriboritany faha-5 (CUA)

## Nifampiarahaba tratry ny Asaramanitra ny mpitantana sy ny mpiasa


Ny fifampiarahabana tratry ny taona tao amin'ny Boriboritany faha-5.

Noho ny fahatratrarana ny taona vaovao 2019. Ny boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) dia nanatanteraka fifampiarahabana tratry ny Asaramanitra, tao amin' ny toeram-piasana omaly. Nihaona tao avokoa ireo mpiasa rehetra eo anivon'ity boriboritany ity, na ireo miasa anaty birao, na ireo mpanadio ny tanàna. Nandritra izany dia nitondra ny teny firarian-tsoa ho an' ny mpiasa rehetra ny delegen'ny Boriboritany, Rakoto Emmanuel Richard, sy ireo mpiaramiasa akaiky aminy. Nisy ihany koa fanaovam-beloma mpiasa iray nahavita be teo anivon'ity toeram-piasana ity, ka handeha hisotro ronono.

***Aly***


PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Manampisoa R



PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Vahatra A


## Sakafo Ny Valosoa



Tongotr'omby sy tsaramaso indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Somary samy mafy izy ireo, noho izany mila handrahoina elaela ihany. Azo hatao rony, azo hatao ketsaketsa koa. Dia mihinana finaritra tompoko.

### NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny krampy sy fanàfana amin'izany

Ny krampy sy ny fanafana amin'izany indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny krampy (crampe) dia noho ny tsy fahampiana calcium na magnésium amin'ny vatana, na kotrana mafy be tampoka tsy mahazatra ny vatana, na koa tsy ampy rivotra sy rano rehefa mikotrana na manao fanatanjahantena ny olona iray. Dia rehefa hikotrana izany dia tandremo ireo : aza tampohina be ilay vatana fa ataovy masaka tsara ny échauffement na fanafanana tena, raha efa tratra dia ahetsiketseho moramora fotsiny, na somary orina kely miakatra. Mihinàna calcium mandritra ny 20 andro (calcibronate ohatra fa tsy CAC1000), dia manaova paozy 10 andro dia mihinàna indray magnesium (magne B6). Dia misy pommade koa anorana azy, pommade niflurii dia efa mety.


Sakafo avy amin'ny ronono, tena ilain'ny mpanao fanatanjahantena.

### NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny tanànan'i Kandreho any amin'ny faritra Betsiboka


Voly, anisan'ny hita any Kandreho.

Ny tanànan'i Kandreho any amin'ny faritra Betsiboka indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny distrikan'i Kandreho ity kaominina ity, distrika izay ahitana kaominina miisa 5 dia Ambaliha, Andasibe, Antanimbaribe, Behazomaty ary Betaimboay. Alohan'ny hiditra an'i Maevatanana amin'ny lalampirenena faha-4 no mivily mankany Kandreho, lalantany no mihazo any. Mampalaza an'i Kandreho ny raffia, vokatra any koa ny vary,…

## I Korintiana 16: 13-14

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 109), madagasikara 07 febroary 2019

***I Korintiana 16: 13-14 "Miambena ianareo, tomoera tsara amin'ny finoana, aoka hitombandahy, mahereza. Izay rehetra ataonareo dia ataovy amin'ny fitiavana.".***

Izay rehetra avy AMIKO dia mifanaraka avokoa, ***I Jaona 5: 7-8*** *"Fa misy telo izay manambara, dia ny Fanahy sy ny rano ary ny rà; ary mifanaraka tsara izy telo."* Fa misy telo izay manambara dia ny Fanahy sy ny rano ary ny Afo, ary mifanaraka tsara izy telo na amin'inona na amin'inona. Ny tany dia ny nofonareo, ny rà dia izay mikoriana ao amin'ny vatana izay tany. Tsy mifanohitra mihitsy ireo, mifanaraka tsara, mahay miara-miasa, tsy mifanilika satria mitovy hatrany ireo. Ny tiana hambara dia izao : ireo rehetra vita Fanekena, nahavita dingana ka nomena sy nozarana ny Fanomezam-pahasoavana no miray ao amin'ny Fanjakana. Asa iray no ao, tanjona tokana, lalana tokana, lalàna tokana, iombonana ny zava-drehetra, ifankahalalana, ifanasoavana sy ifanampiana ary ifamonjena. ***Asan'ny Apostoly 4: 32*** *"Ary niray fo sy fanahy ny olona rehetra izay nino; ary tsy nisy nanonona ny fananany ho azy na dia iray aza, fa niombonany avokoa ny zavatra rehetra nananany."* Nifankatia ny mpianatra ary nazoto indrindra noho ilay fananana tao aminy. Tamin'izany dia tsy nisy nanonona ny fananany, fa niombonany kosa izany fananana izany. Inona moa izany? Tiako JEHOVAH ny manambara aminareo hoe: ilay Fananana, Dia ilay Fahasoavana nozaraina taminareo ka ampiasaina. Inona avy moa izy ireo? Dia ireo voalaza tetsy aloha, ***I Korintiana 12: 1-10***. Ny antony nizarana ireo sady maimai-poana dia izy ireo ASAN'NY FANAHY ampiasaina amin'ny alalanareo izay nomena izany ary araka ny sitrapoko JEHOVAH. Hoy AHO tany aloha : ny fisian'ireo no maneho ny maha iray an'i JESOSY (RAFITRA TOKANA) ***I Korintiana 12: 27*** *"Ary ianareo no tenan'i Kristy, ka samy momba ny tenany avokoa araka ny anjaranareo avy."* IZAHO JEHOVAH indray no manao ny FANAMBARANA , ***I Jaona 5: 9*** *"Raha mandray ny fanambaran'ny olona isika, lehibe lavitra ny fanambaran'i JEHOVAH Andriamanitra; fa ny fanambaran'i JEHOVAH Andriamanitra dia ny nanambarany ny Zanany."* Aoka tsy handray fanambarana avy amin'olona hianareo fa lehibe lavitra ny Fanambarako. Ary ny Fanambarako JEHOVAH dia ny fanambarako an'i JESOSY. IZAHO mihitsy no manao ny FANAMBARANA fa tsy fantatrareo ny momba AZY, sombintsombiny ihany ny anareo. Toy izao ny Fanambarako, I ***Jaona 5: 10-12*** "10 *Izay mino ny Zanak'i JEHOVAH Andriamanitra no manana ny fanambarana ao anatiny; izay tsy mino an'I JEHOVAH Andriamanitra dia efa nampandainga Ary, satria tsy mino ny fanambarana izay nanambaran'I JEHOVAH Andriamanitra ny Zanany izy. Ary izao no fanambarany: Fiainana mandrakizay no omen'I JEHOVAH Andriamanitra antsika, ary ao amin'ny Zanany izany fiainana izany. Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana; izay tsy manana ny Zanak'I JEHOVAH Andriamanitra no tsy manana ny fiainana."* Aza ferana ny fanambarako, ary aza ampidirina ao amin'ireo izay anareo ambany masoandro akory ny AHY. Raiso dia ekeo fotsiny fa saropady nefa sarobidy koa. Ny Fanomezam-pahasoavana nozaraina taminareo dia tsy natao hifandonana fa mba hampiraisana an'i JESOSY KRISTY izay nozarazarainareo tamin'ny fomba isankarazany. ***Asan'ny Apostoly 4: 33*** *"Ary tamin'ny **hery be** no nanambaran'ny Apostoly ny nitsanganan'i Jesosy Tompo; ary **fahasoavana be** no tao amin'izy rehetra."* Jereo ny asa nataon'ny Apostoly e! rehefa nanana ilay Fanahy tao anatiny izy ireo dia tamin'ny **HERY be** no nanambarany ny fitsanganan'i JESOSY tamin'ny maty, tamin'ny **finoana be**, tamin'ny **fahasahiana be**, tamin'ny **fitiavana be**. Izao andro sy fotoana izao no fanambarana an'i JESOSY araka ny FILAZANTSARA. Tohizanareo manana ny FAHASOAVANA ny momba AZY sy ny fanambarana AZY, aoka tsy hiova na mivaona. Ary fahasoavana be no tao amin'izy rehetra, izany hoe: ny fomba ahafahana manambara an'i JESOSY izany, ilay atao hoe : FILAZANTSARA =

1- Ny fahatongavany teo aminareo tambonin'ny tany, ny fahaterahany. Ny antony? ***Matio 1: 21*** *"ka hiteraka Zazalahy izy, ary ny anarany hataonao hoe Jesosy*; fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin'ny fahotany. [*Jesosy = Jehovah no Mpamonjy]*
Izany no antony dia ny mba hanafaka anareo amin'ny fahotanareo (fibebahana).

2- Maty IZY nohon'ny fahotanareo, latsaka ny Rány (famelan-keloka), afaka telo andro dia nitsangana tamin'ny maty. ***I Korintiana 15: 3*** *"Fa natolotro anareo ho isan'ny zavatra voalohany indrindra ilay noraisiko, dia izao: Kristy maty noho ny fahotantsika araka ny Soratra Masina."*
Izany no anton'ny fahafatesany.

3- Ho avy JESOSY ary tena ho avy haka ireo izay mitoetra tsara, miambina tsara, ***II Tesaloniana 2: 1*** *"Ary mangataka aminareo izahay, ry rahalahy, ny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika sy ny hanangonana antsika ho eo Aminy."* Ary tandremo ny fanahinareo sy ny toetranareo fa efa mby akaiky Izy, ***Jakoba 5: 8*** *"Mahareta koa hianareo, mampahereza ny fonareo, fa efa mby akaiky ny fihavian'ny Tompo."*

Maro ny zavatra miova eo am-piandrasana ny FIHAVIAN'I JESOSY KRISTY. ***Asan'ny Apostoly 4: 34-35***. Tsy ho zakanareo ny miombona fananana ka toy izao ny dikany: ny Fanomezam-pahasoavana izay nomena anao, io ilay "FANANANA" sady iombonana. Inona no any aminao? Fanomezam-pahasoavana inona? Dia hoy ianao hoe : Fanomezam-pahasoavana manasitrana, hoy ny hafa ny ahy maminany, ny ahy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ny ahy indray mandika izany sns.... Ireo ny fananana nomena anareo ary miasa ireo ary iaraha-miasa amin'ny mpanompoko mitaiza anareo. Ny mpino rehetra ao anaty Fiangonana izany, tsy misy hoe mipetraka fotsiny izany fa tokony samy miasa mampandroso ny tenany aloha mba hahafahany mampandroso ny hafa koa. ***Asan'ny Apostoly 1: 8*** *"Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany."* Aoka ary hiasa ilay Fanomezam-pahasoavana nomena anareo. Tsy ny tenanao akory no miasa fa ilay Fanahiko ao anatinao, fa io sady tsy reraka, tsy matahotra, tsy matory, tsy miala intsony sady tsy miova no maharitra mandrakizay.
Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## CUA

# Nanadio avy hatrany ireo lakandrano tsentsina vokatry ny orambe



*Fanadiovana ny tatatra tsentsina nataon'ny CUA.*

Taorian'iny oram-baratra nikija ny alakamisy 7 Febroary tolakandro teo iny dia maro ireo toerana izay dibo-drano teto an-dRenivohitra, noho ny fahatsentsenan'ireo lakandrano maro samihafa sy ny fahanteran'ireo fotodrafitr'asa. Araka izany dia tsy niandry ela ireo tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), izay notarihan'ny Lefitra Voalohan'ny Ben'ny Tanàna, Olivier Randrianarisoa sy ireo mpiara-miasa aminy, fa tonga dia nandray ny andraikitra avy hatrany tamin'ny alalan'ny fidinana ifotony teny an-toerana ary nijery ireo antony tena nahatonga ny fiakaran'ny rano. Hita nandritra izany fa ireo fako ataon'ny mponina no mbola manentsina ireo lakandrano maro, ka tsy ahafahan'ny rano mikoriana tsara araka ny tokony ho izy. Sahirana tokoa ireo mpiasan'ny Kaominina tamin'ny fanalàna ireo fako amantaoniny maro ireo ary tsy nikely soroka fa nanao ny ainy tsy ho zavatra tamin'ny asa fanadiovana. Marihina fa na dia efa miezaka manao izay ho afany aza ny Kaominina Antananarivo Renivohitra amin'ny fanaovana ny asany dia tsy ampy izany raha tsy mandray ny andraikitra tandrify azy ny tsirairay amin'ny fanariana ny fako eny amin'ny toerana izay tokony hanariana azy amin'ny ora izay efa voatondro.

***Isambilo***

## Vokatry ny orambe ny alakamisy teo

# Nandray ny andraikiny avy hatrany ny mpamonjy voinan'ny CUA

Ankizy 14 taona lasan'ny rano teny Andraisoro Boriboritany faha-5, trano 6 nirodana, ireo no vokatry ny orambe nijojo ny alakamisy tolakandro teo, teto Antananarivo Renivohitra, araka ny tatitra nataon'ny mpamonjy voinan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Raha vao nitranga ireo loza rehetra noho ny orambe ny alakamisy teo iny, nandray ny andraikiny avy hatrany ny mpamonjy voinan'ny CUA, araka ny antso nataon'ny olona teny an-toerana avy, tamin'ny alalan'ny antso an-tariby maimaimpoana nataon'izy ireo ny mpamonjy voina, tamin'ny laharan-telefonina maitso 118, araka ny fanazavan'ny lehiben'ny mpamonjy voinan'ny CUA, kolonely Ramanoara Francky. Mola ao anatin'ny fotoam-pahavaratra isika amin'izao fotoana izao, miantso ny rehetra hatrany ny mpamonjy voinan'ny CUA ho mailo amin'ny loza mety hitranga toy ny tany mihotsaka, ny vato mety hianjera, ny rano miakatra, ny hazo tapaka,… ary hampandre azy ireo raha sanatria mitranga ny loza amin'ny antso an-tariby araka ny efa voalaza teo dia ny laharana maitso 118.

***Aly***

## Boriboritany faha-3 (CUA)

# Hoesorina ireo fiara tsy mihetsika intsony mijanona amoron-dalana



*Misy ny fiara tsy maintsy hoesorina amn'ity faritra ity.*

Nanome taratasy filazana ho an'ireo Fokontany sy ireo tompona fiara mijanona maty amin'ny sisina arabe izay hita fa tsy mihetsika amin'ny toerany intsony, ny avy ao amin'ny Boriboritany fahatelo, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), omaly maraina; taratasy manambara ny tokony hialan'ireo fiara eo amin'ny toerany, satria miteraka loto tsy voasikotra sy mibahana amin'ny lalana izy ireny. Voakasik'izany ny faritra Ankadifotsy iny, manomboka eo amin'ny Lil'Optique mihazo ny Clinique ary mivoaka any Ambodivona iny. Manodidina eo amin'ny 40 isa eo ny fiara hita fa tena tsy mihetsika mihitsy amin'ny iny faritra iny . Ny anton'izao hetsika izao dia sarotra ho an'ny mpanadio mpamafa lalanan'ny kaomina ny manala ireo fako izay tandrify azy amin'ny fisian'ireo fiara mijanona tsy mihetsika ireo, nefa dia tena maloto tokoa ao ambaniny . Fe-potoana 48 ora no nomen'ny Boriboritany fahatelo azy ireo, mba hanalany ny fiarany mba hahafahan'ny mpanadio manao ny asany, na hesoriana ireo fako rehetra ao ambanin'ny fiara. Tonga teny an-toerana ny ekipa Tekinika ny Boriboritany fahatelo nanatanteraka ny asa. Hisy ny fepetra ho raisina ho an'ireo tsy manaiky ny fandaminana. Santatra ihany izao fa mbola hitohy ny hetsika any amin'ny faritra hafa, Andravoahangy, Tsiazotafo, Antanimena …

***Aly***

BORIBORITANY FAHA-3 (CUA)

## Nanadio lakandrano sy nandamina ny tsenan'Andravoahangy

Nanomboka ny voalohan'ny volana febroary dia nanamafy hatrany ny ao amin'ny tsenan'Andravohangy, Boriboritany faha-3, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny fanadiovana ny tsena sy ny fandaminana ireo mpivarotra, izany hetsika izany dia tarihan'ny Lehiben'ny tsenan'Andravohangy, Rakotondrafara Eric Augustin. Araka izany ny manamorona ny lankadrano mirefy manodidina ny 500 m no nodiovin'ny avy ao amin' ny tsenan'Andravohangy, izay hita fa tena maloto sy hifatraran'ny fako haterak'ireo mpivarotra



Lalakandrano diovina eny Andravoahangy.

eny an-toerana ; eo koa ny fisian'ireo lobolobo. Ka in-2 isan-kerinandro no manadio io lankandrano io ny avy ao an-tsena, izay fiaraha-miasa miaraka amin'ny RF2 . Marihana fa efa voadio ny ilany havanana fa miditra amin'ny ilay ankavia indray izao. Eo koa ny fanadiovana ny tsena anatiny izay ataon'ny mpamafa lalanan'ny CUA sy ireo mpivarotra, izay arahan'ny Lehiben' ny tsena maso akaiky . Misy koa ny fanadiovana faobe indray mandeha isam-bolana isaky ny faritra na "secteur " ao an-tsena. Efa niroso hatrany amin'ny fandaminana ireo mpivarotra koa ny ekipan'ny tsena amin'ny fanesorana sy ny fanakisahana azy ireo tsy hiditra anaty arabe, izay efa asa fanao andavanandro. Mbola mitohy hatrany ny fanadiovana sy ny fandaminana ny tsenan'Andravohangy .

**Serge**

Boriboritany faha-2 (CUA)

## Nanao fanadiovana faobe ny tsenan'Ankatso

Niasa nanao fanadiovana faobe teny amin'ny tsenan'Ankatso, Boriboritany faha-2, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) indray omaly ny mpiasa mpanadion'ny Boriboritany faharoa. Io asa io dia miompana bebe kokoa tamin'ny fanalana ireo fako izay iaraha-mahalala fa dia betsaka tokoa eny amin' ny faritry ny tsena tahaka itony, izany no mahatonga ny tanànan'Antananarivo renivohitra tsy



Ny fanadiovana nataon'ny CUA teny Ankatso.

mitsahatra ny manentana foana ireo mpivarotra mba hanangona ny fakony ary hanary izany any amin'ny dabampako. Ankoatr'izay dia nojerena manokana koa ny fanalana ny fako eny amin'ireo fivarinan'ny rano ao amin'ny faritry ny tsena satria izy ireny mantsy dia mety hanentsina lakan-drano amin' izao fahavaratra izao, ka hiteraka fiakaran'ny rano rehefa tonga ny orana.

**Aly**

Navotan'i Mr Haja

## Mpiompy omby lasibatry ny dahalo

Tsy an-tanàn-dehibe, tsy eny ambanivohitra fa isan'andro dia mahare asan-dahalo foana eto amintsika. Ny eny ambanivohitra no tena lasibatra raha resaka asan-dahalo satria ny omby no tena angalarin'izy ireo. Tsy afaka manohitra moa ny tompony satria mirongo fiadiana ireo dahalo amin'izany. Ity rangahy monina any amin'ny faritr'i Tsiroanomandidy ity dia efa indroa no saika ravan'ny dahalo fa avotra foana satria nanana fiarovana tamin'izany. Nambaran'ity rangahy mpiompy omby ity mantsy fa teny amin'i Mr Haja eny Antombotokana Ampanefy Manjakandriana no nikarakara azy, ka nahazoany fiarovana matanjaka tsy nahavoa azy tao anatin'ny iray volana monja. Hitako tamin'ny gazety hoy izy ny nomeraon'io mpitsabo io **03409 800 86** sy ny **03309 927 77** ka io no nantsoiko ary nihaona izahay roalahy. Nanomboka teo hoy izy dia mandry fehizay izahay satria matanjaka ny fiarovana azoko taminy. Nambaran'ity mpitsabo ity anefa fa maro ny zavatra vitany toy ny hoe ; aretina tsy fanta-pototra samihafa, manakotsako amin'ny vatana, olona tsy miteraka, olona torantorana, olona bebe kibo, olona voan'ny angatra na lahy na vavy, olona marary saina, areti-maso manjavozavo, voan'ny « sinusite », « règle » tsy mijanona, sns… tsy ireo ihany hoy izy fa mamaha ny olana ao an-tokantrano, manao famaton' omby tsy ho lasan'ny mpangalatra, manao fandroritana varotra, afaka mikarakara vintana sns… satria nambarany fa aleo mahita toy izay tantaraina. Mandray olona isan'andro ity mpitsabo ity ary mpitsabo raokandro malagasy nomen'Andriamanitra fahasoavana manokana ihany koa. Resy lahatra tanteraka ity mpiompy omby vaventy ity ka izay olona tratry ny asan-dahalo sy manana olana amin'ny fiambenana amin'ny alina na antoandro dia nasainy manatona eny amin'i Mr Haja satria nahitany fahasoavana goavana ny fanatonany teny aminy satria nahazo « Famaton'omby » tsy ho lasan'ny dahalo izy ary mandry fahalemana raha toa ka tsy matory andro aman'alina ny tantsaha mpiompy omby amina faritra maro eto amintsika ankehitriny.

**Ny Akama**

Boriboritany faha-5 (CUA)

## Nanadio teny amin'ny RN2 sy RN3

Nohon'ny fihavian'ny orana matetika amin'izao fotoam-pahavaratra izao. Ny boriboritany fahadimy, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) dia manohy hatrany ny asa fanadiovana sy ny fisokirana ireo tatatra nanomboka ny 03 ka hatramin'ny omaly 08 Febroary teny amin'ny lalam-pirenena faharoa RN2 sy fahatelo RN3. Izao no natao dia ho fisorohana ny fiakaran'ny rano sy ho fanatanterahana ny vinan-dRamatoa Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, amin'ny ady amin'ny fiantraikan'ny loza voajanahary, sy mba ho tanàna madio sy maha te-honina Antanananarivo. Koa entanina hatrany ny tsirairay mba tsy hanary fako any anaty tatatra ary hanaja ny ora fanariana fako eny amin'ireo toerana voatokana ho an'izany.

**Serge**



Ny fanadiovana nataon'ny Boriboritany faha-5.

Tsaratanana

## Olona miisa 3 nalain'ny dahalo an-keriny, anisan' izany ny lehiben'ny ZAP

Olona miisa 3 no nalain'ny dahalo an-keriny tany Tsaratanana, faritra Betsiboka omaly vao mangiran-dratsy tamin'ny 1 ora maraina. Lasan'ireo dahalo tamin'izany ny lehiben'ny Zap ao amin'ny tanànan'I Tsaratanana, vehivavy iray, ary tompona tranombaotra iray izay notafihan'ireo olon-dratsy. Dahalo am-polony no nanafika ny tanàna tamin'izany. Maizina ny tanàna ka nanamora ny asan'ireo olon-dratsy satria mbola tsy tonga any an-toerana ny soliky ny orinasa Jirama andefasana ny jiro ao amin'ity tanàna renivohitry ny distrika ity. Ankoatra izany, tratra aoriana koa ny fahatongavan'ny mpitandro filaminana satria adiny 3 taty aoriana izy ireo vao tonga. Efa manara-dia mianatsimo amin'izao fotoana ny zandary sy ny fokonolona.

**Ny Valosoa**

**SARIITATRA:** *Mandrora mitsilany ny mponin' Antananarivo amin'ny fanariana fako anaty tatatra*



## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**02/02/19 hatramin'ny 09/02/19**

- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51
- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86/033 86 194 15
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/ 020 22 699 19/034 16 326 06

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 872-02-19
Isan'ny natonta: 10 000


Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony




## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

BEHARO

N° 269




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0268)

***Mitsivalana***
- Renirano
- Alika
- Kasainay
- (V)itsika
- Ma – Nofy (Miv)
- Tan(y) – Ha
- Anilakoo

***Mitsangana***
- Rakemba
- Ela
- Nisy – Ti
- Taky (Miv) –
(V)al(a)
- Raisina
- Nif(y)
- Akoho
- Oviana ?

## TENY MIFANARAKA N° 269




**Mitsivalana**

**1.** Vahoaka isam-pokontany **2.** Renivohitra **3.** Mitady, maniry – Enti-milaza **4.** Ino ? – Haja sy voninahitra **5.** Fanampin'anarana – Poritra (Miv) **6.** Vazo (BL) – Tsy sarotra (Miv) **7.** Fofona mahery (Miv) – Lalampirenena **8.** Mpanoritra – Maneho eo amin'ny tsiraray **9.** Aiza ? – Sakoroka **10.** Andro

**Mitsangana**

**A.** Fanodinana **B.** Renirano – Lakroa (Miv) **D.** Maneho fahatsarana – Naoty (Miv) **E.** Saro-bahana indraindray – Mandà **F.** Mampisafidy – Rahalahin'i Abela (Miv) **G.** Toloranareo **H.** Tehaka – Malaina (BR) **I.** Kianteny (Miv) – Tovona (Miv) – Tolona **J.** Vaventy – Mampiray (Miv) **K.** Zanak'i Dada – Tolorana

### Valiny Teny mifanaraka 0268

***Mitsivalana***

1 Gorodona 2. Alimo - Sy 3. Tanimbary 4. Andrianina 5. Rora - Divay (Miv) 6. Vava (Miv) 7. Fonina (Miv) 8. Ana - Anan(a) 9. Om - Amalona (Miv) 10. Fia (Miv) - Aminao

***Mitsangana***

A. Gitara - Toa B. Avona (Miv) - Mi D. Randrana E. Olirovina F. Dimy - Nana G. Ombaina - Om H. Noana - Foly I. Rivo - Nan J. Siny - Mamo K. Fy - Ady - Nao

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Fotoam-bavaka ho fahatsiarovana ireo niharamboina teny Ampamarinana tao amin'ny Ekar Mahamasina.**













## FILAZANA

Ilazana ny besinimaro fa hisy **fisoratam-panambadiana Faobe ary maimaimpoana.**

- *Toerana* : **FIRAISANA FAHADIMY AMBATOMAINTY**
- *Andro* : **12 Avril 2019**
- *Ora* : **7 ora sy sasany**

**Taratasy ilaina** : (*ho an'ny Lahy sy Vavy*)

- Kopia lava latsaky ny telo volana alaina any amin'ny toerana nahaterahana.
- Certificat de résidence alaina any amin'ny Fokontany
- Certificat de célibat alaina any amin'ny Fokontany
- Photocopie CIN (mpivady sy vavolombelona)
- Valopy 4 sy timbre poste 4 x 1000 Ar
- Taratasy faneken'ny olon-droa hivady (alaina ao amin'ny sekretera)
- Taratasy Fangatahana fisoratam-panambadiana (Alaina ao amin'ny sekretera)
- Fanaterana ny dossier : Porte 12
- Izay **50** voalohany ihany no horaisina.

RAKOTO
Emmanuel Honoré Richard